Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue de Clichy
75009 Paris
Tél. 01 45 96 03 05

NY FIAINANA MIARAKA AMIN'NY FANAHY
Romana 8, 1-17

Tapany 1 – ROMANA 8, 1-11 :

Noho ny asan'ny Fanahy Masina dia mandroso ho amin'ny fiainana sy fiadanana isika

Tapany 2 – ROMANA 8, 12-17 :

Ataon'ny Fanahy Masina tonga zanak'Andriamanitra, mpandova an'Andriamanitra ary mpiray lova amin'i Kristy isika

Ny hevitrin’ny teny hoe « nofo » *(sarkos, chair)* :

- Ny teny hoe « nofo » dia, tsy ilazana fotsiny ihany ny tena na ny vatana fa manondro indrindra koa ny olona amin’ny maha-olona azy manontolo : ny tenany, ny vatany, ny fisainany, ny fiheviny, ny finiavany. Ny « nofo » (*Bâśâr)* dia ilay olona miaraka amin’ny fetrany, ny fahoriany sy izay heveriny ho fahafahany.

- Ho an’i Paoly, ny atao hoe « *sarkos »* dia ilay olona miiboka irery, miziriziry amin’izay heveriny ho fahafahany, voafatotrin’ny filàny, tsy matoky izay momba an’Andriamanitra, mikatona amin’ny fihevitrAndriamanitra.

Tapany 1 – ROMANA 8, 1-11 :
Noho ny asan’ny Fanahy Masina dia mandroso ho amin’ny fiainana sy fiadanana isika

Fizarana 1 : andininy 1-4 :

1 Ary amin’izany dia tsy misy fanamelohana ho an’izay ao amin’i Kristy Jesosy. **2** Fa ao amin’i Kristy Jesosy ny lalàn’ny Fanahin’aina no nahafaka ahy tamin’ny lalàn’ny fahotana sy ny fahafatesana. **3** Fa izay tsy hain’ny lalàna, satria ny nofo no nahalemy azy, dia vitan’Andriamanitra tamin’Izy naniraka ny Zanany, naka ny endriky ny nofo ota sy ny amin’ny ota, ka nanameloka ny ota tao amin’ny nofo, **4** mba hahatanteraka ny fahamarinana ilain’ny lalàna amintsika, izay tsy mandeha araka ny nofo, fa araka ny Fanahy.

Hevi-dehibe :

- ankehitriny dia « dia tsy misy fanamelohana ho an’izay ao amin’i Kristy Jesosy » (and. 1),
- satria ny Lalàn’ny Fanahin’aina no nahafaka ahy tamin’ny lalàn’ny fahotana sy ny fahafatesana » (and. 2),
- satria Andriamanitra naniraka ny Zanany mba « hanameloka ny ota tao amin’ny nofo » (and. 3b),
- mitaky fitondran-tena mifanandrify Aminy amintsika ny Fanahy.

Fizarana 2 : andininy 5-7 :

5 Fa izay araka ny nofo dia mihevitra izay zavatry ny nofo, fa izay araka ny Fanahy kosa mihevitra izay zavatry ny Fanahy. **6** Fa ny fihevitry ny nofo dia fahafatesana, fa ny fihevitry ny Fanahy kosa fiainana, (sy fiadanana). **7** Satria fandrafiana an'Andriamanitra ny fihevitry ny nofo fa tsy manaiky ny lalàn'Andriamanitra izy, sady tsy hainy akory izany.

Hevi-dehibe :

- Samy mihevitra ny asan’izay misy azy ny olona. Kanefa tsy mitovy ny ao amin’ny nofo sy ny ao amin’ny Fanahy fa mifanohitra.
- Ho any amin’ny fahafatesana no alehan’izay ao amin’ny nofo, fa ho amin’ny fiainana sy fiadanana kosa no izoran’izay ao amin’ny Fanahy.
- Manao an’Andriamanitra ho fahavalony ny fihevitrin’ny nofo.

Fizarana 3 : andininy 8-11 :

8 Ary izay ao amin’ny nofo dia tsy mahay manao ny sitrapon’Andriamanitra. **9** Fa ianareo tsy ao amin’ny nofo, fa ao amin’ny Fanahy, raha ny Fanahin’Andriamanitra no mitoetra ao anatinareo. Fa raha misy kosa tsy manana ny Fanahin’i Kristy dia tsy Azy izy. **10** Fa raha Kristy no mitoetra ao anatinareo, na dia maty ihany aza ny tena noho ny ota, dia fiainana kosa ny fanahy noho ny fahamarinana. **11** Ary raha ny Fanahin’Izay nanangana an’i Jesosy tamin’ny maty no mitoetra ao anatinareo, dia Izay nanangana an’i Kristy Jesosy tamin’ny maty no hamelona ny tenanareo mety maty amin’ny Fanahiny, Izay mitoetra ao anatinareo.

Hevi-dehibe :

- Tsy afaka misaina izay Sitrapon'Andriamanitra izay ao amin'ny nofo ka tsy mahay manao izany.
- Kanefa ianareo dia tsy ao amin'ny nofo intsony fa « ao amin'i Kristy Jesosy » (= ao amin'ny Fanahy) (Batisa) raha manaiky ny Fanahin'i Kristy (= raha manaiky ho an'i Kristy = raha manaiky ho fananan'i Kristy).
- Raha Kristy no mitoetra ao anatinareo dia hahazo fiainana ianareo.
- Satria Andriamanitra, Tompon'ny Fanahy izay nananganany an'i Kristy tamin'ny maty, nohamelona anareo.

Tapany 2 – ROMANA 8, 12-17 : Ataon’ny Fanahy Masina tonga zanak’Andriamanitra, mpandova an’Andriamanitra ary mpiray lova amin’i Kristy isika

Fizarana 1 : andininy 12-14 :

12 Ary amin’izany, ry rahalahy, dia mpitrosa isika – tsy amin’ny nofo anefa, ka ho velona araka ny nofo - **13** Fa raha velona araka ny nofo ianareo, dia tsy maintsy maty ; fa raha ny Fanahy no amonoanareo ny asan’ny tena, dia ho velona ianareo. **14** Fa izay tarihin’ny Fanahin’Andriamanitra no zanak’Andriamanitra.

Hevi-dehibe :

- Afaka tamin’ny fanagejan’ny fahefan’ny fahotana sy ny fahafatesana isika ka tsy manana trosa aminy intsony fa tonga mpitrosa amin’ny Fanahy kosa,
- Ny fiondanantsika amin’ny Fanahy ihany no hany ahazoantsika mamono ny asan’ny tena/vatana/nofo mba hahavelona antsika. Tsy misy option hafa (fahendrena, fahaizana, fitaizana, hery, fahefana, vola, voninahitra),
- Ny Fanahy no mampahafantatra amin’izay « ao amin’i Kristy Jesosy » sy amin’ny mpiara-belona aminy fa zanak’Andriamanitra izy.

Fizarana 2 : andininy 15-17 :

15 Fa tsy nandray ny fanahim-pahandevozana ho amin’ny tahotra indray hianareo, fa nandray ny fanahin’ny zanaka natsangana, izay iantsoantsika hoe : Aba, Ray ô. **16** Ny Fanahy dia miara-milaza amin’ny fanahintsika fa zanak’Andriamanitra isika. **17** Ary raha zanaka, dia mpandova; eny, sady mpandova an’Andriamanitra no mpiray lova amin’i Kristy koa, raha miara-miaritra aminy isika mba hiara-manam-boninahitra aminy koa.

Hevi-dehibe : Ho antsika izay « ao amin'i Kristy Jesosy » (Batisa + finoana) :

- Ao amin'ny Fanahy isika ary ao anatintsika ny Fanahy,
- Noho izany dia tsy voatery hankato ny vatana/tena/nofo (izay mitondra ho amin'ny fahafatesana) intsony isika,
- Velona isika raha mamono ny asan'ny tena amin'ny Fanahy ary raha manaiky tsy hisy hitarika hafa tsy ny Fanahy,
- Ka dia tonga zanak'Andriamanitra isika ka afaka (miaraka) miantoraka Aminy amim-pahatokisana,
- Raha zanak'Andriamanitra isika dia mpandova an'Andriamanitra sady mpiray lova amin'i Kristy,
- Dia miara-belona Aminy, miara-miaritra Aminy sady hiara-manam-boninahitra Aminy.